# ALAHADY 20 OKT 2019

**1 Korintiana 12 :4-11 : « Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin' ny olona rehetra. Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa. Fa ny anankiray nomen' ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin' izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin' izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin' ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. Ireo rehetra ireo dia asan' ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony ».**

Ny zavatra tokony ho marihina amin'ity perikopa ity ry havana dia ny fiverimberenan'ny teny hoe : « zarazaraina » sy ny teny hoe : « iray » : zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, zarazaraina ho samy hafa ny asa. Ary koa ny hoe : Fanahy iray ihany, Tompo iray ihany, Andriamanitra iray ihany. Izany hoe ny fisian'ny fanompoana sy ny asa samy hafa ao amin'ny Fiangonana dia tsy tokony hampiady na hampifandrafy, na hiteraka fifaninanana, na sanatria fialonana sy fifanimbana. Fa Andriamanitra iray ihany no ipoiran'izany asa sy fanompoana samy hafa izany, mba hampandrosoana ny fiangonana. Andriamanitra iray ihany no ipoiran'ny fanomezam-pahasoavana rehetra mba hampandrosoana ny Fiangonana. Fa inona tokoa no nitranga tao Korinto ka mety nahatonga ny fampianarana nataon'i Paoly tahaka an'izao ? Azo raisina sary an-tsaina fa tena nisy tokoa ny fifandirana teo amin'ny fizarana ny asa tao

am-piangonana, izay mety nisian’ny fahatsiarovan-tena ho latsaka ambany noho ny sasany, na fahatsiarovan-tena ho ambony kokoa noho ny hafa. Ary izany fifandirana izany aza dia tafakatra hatrany amin’ny fifampitsarana ho manana, sa tsy manana ny Tompo, araka izay hita eo amin’ny **and.1-3** izay tsy tafiditra ao amin’ny perikopantsika, kanefa mialoha izany perikopa izany. Ry havana, tsy tao Korinto ihany, fa mbola olana apetraky ny olona mandrak’ankehitriny izany hoe manana ny Tompo ianao sa tsy manana ny Tompo ? I Ranona manana, i Ranona tsy manana ; ny sampana atsy bebe kokoa ny Tompo ao aminy, ny sampana atsy tsy misy Tompo mihitsy. Ary ny sasany aza dia manao hoe : ny Fiangonana atsy misy Tompo, ny sasany tsy misy Tompo. Dia indraindray, rehefa tratran’izay hoe ny atsy misy Tompo izay, dia lasa miala ao amin’ilay Fiangonana heverina fa tsisy Tompo, mihazakazaka mirohitra mankany amin’ilay Fiangonana heverina ho misy Tompo. Mazava ny tenin’i Paoly eo amin’ny **and.1-3,** *« tsy misy mahay manaiky hoe: Jesosy no Tompo, raha tsy amin’ ny Fanahy Masina »*.

Eo amin’ny fotom-pinoantsika protestanta dia ampy anehoana an’i Jesoa ho Tompo ny fanoloran-tena amin’ny batisa sy ny fanamafisana an’izany amin’ny fandraisana ny fanasan’ny Tompo. Fa tsy misy mampalahelo ry havana, tahaka ny mahita olona izay tsy mety mahita ny Tompo mihitsy eo amin’ny dingam-panahy lalovany. Atao batisa izy, tsy afa-po fa lasa indray mitady karazana batisa hafa mba hidiran’ny Tompo ao aminy ; atao ny fandraisana, mbola tsy afa-po ; miditra mpiandry, mbola tsy mety afa-po ; miditra Pasitera mihitsy aza, tsy mety afa-po ihany. Ry hava-malala, finoana no andehanantsika fa tsy fahitana, na fahatsapana. Ary fanomezana maimaim-poana no andraisan’Andriamanitra anao, fa tsy vokatry ny asanao velively akory. Koa rehefa nampiditra indray mandeha an’i Jesoa ao am-ponao ianao, dia mitoetra ao am-ponao foana Izy : miara-misakafo aminao, monina ao aminao. Koa alaviro ny fifampitsaratsarana, fa tsy mahasoa antsika izany, ary tsy mampandroso ny Fiangonana. Iray ny Andriamanintsika, ary miorina ao Aminy isika sy ny ataontsika rehetra.

Fa ny fampianarana lehibe atolotr'i Paoly ato amin'ity perikopa noraisintsika ity dia izao : **voalohany indrindra, rehefa manaiky an'i Jesoa ho Tompo isika, ka tafiditra ao amin'ny ankohonan'Andriamanitra, ao amin'ny Fiangonana, dia tolorany fanomezana.** Ary izany fanomezana omena ho antsika izany dia tsy inona akory fa ny fanompoana. Rehefa mandray fanomezana isika, ny zavatra ataontsika voalohany dia ny mankasitraka ilay nanome. Ary hoy ny tsianjerin'ny ankizy madinika hoe : « raha misy manome zavatra ho anao, kingà miteny hoe misaotra tompoko ô ». Raha mahalala fomba isika dia tsy mitsikera ilay fanomezana, hoe ratsy sa tsara, fa ny fon'ilay nanome no zava-dehibe, ny fitiavana fonosin'ilay fanomezana no zava-dehibe. Dia tahaka an'izany koa ry havana ny fanompoana omen'Andriamanitra antsika : mirakitra ny fitiavan'Andriamanitra izany, mirakitra ny fahatokiany anao izany, ary manatsara hatrany ny fifandraisanao amin'Andriamanitra. Matoa io natolotra anao, dia entinao hampandrosoana ny Fiangonana, hahatonga ny mpiara-mivavaka aminao tsy handao ny fanompoana an'i Kristy, hahatonga ny rahalahinao sy ny rahavavinao ao amin'ny Tompo hahita hatrany ny voninahitr'Andriamanitra. Tsy hitanao mahasambatra ve ry havana izany hoe afaka mitsofoka ao amin'ny tsiambaratelon'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanompoana ka mampihaona ny olona amin'i Kristy ? Amin'ny maha-fitiavana Azy dia tsy manao zara-vilana Izy. Fa nomeny daholo rehefa mety ho mpino : zarazaraina, zarazaraina : samy manana anjara. Tena mampandainga an'Andriamanitra ianao raha manao anakampo hoe : « izaho tsy mba nahazo » ; fa na ianao manao be marenina, dia tsy mety mihaino ny Fanahy Masina mibitsika aminao, hoe inty ny zara-fanompoanao ; na ianao isan'irony kamo be irony, dia aleonao mipetrapetraka, ary izay tena mampalahelo indrindra aza, dia mety ho tonga hatrany amin'ny fakana ny toeran'Andriamanitra amin'ny fitsikerana tsy mijanona ny fanompoan'ny hafa.

Ry havana, mbola tsy tara anio, manapaha hevitra : inona ny fanompoana atolotry ny Tompo ho anao mba hampandrosoanao ny

hafa, mba hampandrosoanao ny Fiangonana ?

Tsy mety koa anefa ny hoe mampivangongo ny fanomezam-pahasoavana ho anao samirery, dia heverina fa hoe ao aminao irery izany ny Fanahy Masina no miasa ; asa, raha tsy hoe angamba, ao amin’ny Fiangonana misy anao, tsy misy afa-tsy ianao sy olona anankiray. Olona 2 izany ianareo no membre ao, dia voatery ataonao daholo ny zavatra rehetra. Fa raha tsy izay no mitranga, dia zarazaraina samihafa ny fanomezam-pahasoavana.

Mitanisa fanomezam-pahasoavana vitsivitsy i Paoly ato amin’ity perikopa izay noraisintsika ity. Voalohany hitantsika eto, dia hoe : « teny fahendrena ». Teny manambara ny rariny izany, sy ny tokony ho izy. Tena zava-dehiba amin’ny Fiangonana ny fisian’ny Kristiana manana an’izany teny fahendrena izany mba hiarovana ny Fiangonana tsy ho tafalatsaka amin’ny fankahalana be fahatany, na faindaniana tsy ampy fandanjalanjana.

Ao koa ny hoe : « teny fahalalana ». izany indray dia teny fampianarana ahatakarana ny famonjen’Andriamanitra, ny planin’Andriamanitra, ny asan’Andriamanitra. Izany dia tena ilaina amin’ny fampiorenana tsara ny foto-pinoan’ny Fiangonana, ary ny mpampianatra ao amin’ny Fiangonana no tena manana an’izany teny fahalalana izany. Ao koa ny finoana. Eto dia tsy ilay finoana mahavonjy akory no tiana ho lazaina, satria ny mpino rehetra dia manana an’izany finoana izany ; fa ilay finoana mahafindra tendrombohitra, araka izay hita ao amin’ny **Matio 17 :20.** Eo anatrehan’ny zava-tsarotra mety lalovan’ny Fiangonana dia ilaina tokoa ny fisian’ny olona manana finoana manokana toy izany, mba tsy hampiraviravy tanana ny Fiangonana, ka tsy hihemotra, fa handroso hatrany.

Ao koa ny hoe : « fanasitranana ». Mahafinaritra ry havana, fa noho ny fahatsiarovan’ny Fiangonana fa manana an’izany fanomezam-pahasoavana izany izy, dia tsy vitsy ny Fiangonana manana dispensaire ao aminy. Fa izao koa : io litorjia ataontsika isan’Alahady io anie e, raha vita milamina tsara,

dia tena manasitrana olona maro tokoa.

Manaraka izany, ao ny hoe : « fahagagana ». Mety misy ifandraisana amin'ny fanasitranana ihany izy io, raha toy ny hoe : nalemy nanjary nitsangana, jamba nanjary nahiratra, moana lasa miteny. Fa inona no tena fahagagana lehibe indrindra izay hitantsika ato amin'ny Fiangonana ? Dia ny ahazoanao mitia ny fahavalonao, ny ahazoanao mampifankatia ny olona mpifahavalo ; izany no tena fahagagana lehibe indrindra.

Manaraka, « fanavahana ny fanahy ». Io dia tena zava-dehibe izay ahafantarana ny fanahy mampiteny na manetsika ny olona iray, na avy amin'Andriamanitra, na tsy avy amin'Andriamanitra.

Ao koa ny « fiteny tsy fantara ». Arakan y filazan'ny mpandinika, ny atao hoe fiteny tsy fantatra, dia tenin'ny anjely, tenin'ny lanitra. Mila mpandika teny izy io, mba hahasoa ny hafa. Tsy dia fahita loatra aty amin'ny Fiangonana FJKM izany, fa ry zareo pentekotista, no tena manana an'io fanomezam-pahasoavana io, na manome lanja azy io. Efa nisy fotoana aho ry havana mba nivavaka tamin'ireny Fiangonana zandriny ireny, ary tao amin'io Jesosy Mamonjy io mihitsy no nandehanako. Fa rehefa tonga eo amin'ilay hoe vavaka amin'ny teny tsy fantatra ry zareo, dia tena tsy misy fantatra tokoa moa izay lazainy. Izahay moa tamin'ny fahazazana nipetraka tany Isotry, akaikin'ny tsena, fa dia nampahatsiaro ahy ny tsena tany Isotry mihitsy ilay fanompoam-pivavahana, fa dia mitabataba be, samy miteny izay tiany ho lazaina ny tsirairay avy. Tsy mahazatra ahy moa ilay izy dia tsy tena nampandroso ahy loatra, fa mety amin-dry zareo izay zatra izany fomba izany, dia nampandroso azy.

Raha mamarana an'izany fitanisana izany i Paoly, dia hoy izy eo amin'ny **and.11 :** *« Ireo rehetra ireo dia asan' ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony ».* Fa satria moa amin'ity volana Oktobra ity no andinihantsika manokana ny lohateny hoe : « Maniria

haminany », dia horesahintsika ato amin'ny tapany **faharoa ny fanomezam-pahasoavana maminany.** Raha nanaraka tsara ny perikopantsika nandritra ity volana ity isika, sy ny mofon'aina izay vakiana isan'andro, dia antenaina fa manana fahalalana ihany momba ny faminaniana, izay afaka hiaro antsika amin'ny fampianaran-diso, na hitondra famporisihina antsika amin'ny fanompoana an'Andriamanitra. Ny mahazatra ny maro, rehefa miresaka faminaniana, dia izao : fanokafana ny fanalahidin'ny ho avy izany, mba haahtonga anao hiomana ho amin'izany ho avy izany. Eo amin'ny fiainana andavan'andro moa, ny siansa sy ny fitaovana izay efa lavorary marobe dia afaka mahafantatra ny ho avy. Ohatra : ny toetr'andro. Rehefa handeha hivoaka isika dia mihaino tsara hoe inona ny toetr'andro rapitso na rariva ? Fantatry ny siansa sy ny fitaovana marobe izany, dia milaza izy hoe : ho avy ny orana rariva. Dia iny isika fa efa manao raglan na mitondra elo. Na hoy izy hoe : tsara ny andro, dia iny isika mba miomana hoe handeha hivoaka hitsangatsangana. Dia tahak'izany koa amin'ny vaovao sasany : rehefa misy milaza hoe hisy éclipse amin'izao, dia iny isika fa mioman-komana amin'ny solomaso izay anaovana amin'izany. Ary na ny Baiboly aza dia ahitana an'izany endrika faminaniana izany, izay hanambarana mialoha izay hitranga. Dia eo no hanavahana ny mpaminany marina, sy ny mpaminany sandoka. Ny mpaminany marina dia milaza ny marina ary hitranga marina izay nolazainy ; fa ny mpaminany sandoka dia milaza zavatra lainga ary tsy hitranga mihitsy izay nolazainy.

« Maniria ny haminany », hoy ny lohahevitra banjinintsika amin'ity volana ity. Ary dia misy tokoa ampahan'olona maniry fatratra ny haminany ; fa misy koa ampahan'olona matahotra ny haminany. Fa ny fanontaniana anie dia izao tokoa e : « haminany inona ? ». Raha miverina eto amin'ny perikopantsika isika, dia tsy ilay mahazatra loatra ity fanomezam-pahasoavana voalaza eto ity, tsy fanambarana mialoha izay ho avy any aoriana akory, fa fanambarana sy fitoriana ny herin'ny asan'Andriamanitra, fitoriana ny fitiavan'Andriamanitra, fitoriana ny fahasoavan'Andriamanitra. Koa inona no

hampisalasala antsika amin’izany ? Fanambarana ny asan’Andriamanitra, ny fitiavan’Andriamanitra, ny fahasoavan’Andriamanitra ao amin’i Jesoa Kristy, izay namonjena antsika hiala tamin’ny fahotana, hananantsika fiainana vaovao, hiainantsika amin’ny rivo-baovaon’ny famelankeloka sy ny fifankatiavana tsy mihatsaravelatsihy, hiainantsika amin’ny fahasoavan’ny Tompo, izay vaovao isamaraina. Faminaniana iainana dieny izao, faminaniana iainana dieny ankehitriny. Ary izany no adidin’izay manana fanomezampahasoavana manokana amin’ny faminaniana, dia ny mampatsiahy tsy mety sasatra fa efa eo amintsika ny Mesia, fa tsy mbola andrasana intsony ; efa miara-miaina amintsika Izy, eo afovoantsika Izy isaky ny mivavaka isika, fa tsy hoe mivavabava-poana akory. Misantatra ny fiainan’ny lanitra isika rehefa mandray ny fanasan’ny Tompo satria manatrika antsika eo daholo ny olo-masina any an-danitra sy ireo havantsika efa nodimandry ao amin’ny Tompo. Faminaniana iainana, faminaniana iainana.

Fa ny mpaminany sandoka dia miady lava, mankahala lava, tsy manam-pitiavana, tsy mahatsiaro ny fahasoavan’Andriamanitra. Mbola manana fotoana hibebahana ianao raha sanatria tafalatsaka ao amin’izany hoe mpaminany sandoka izany.

Efa novakiantsika ny tao amin’ny **Matio 7 :21-23,** izay enjana dia enjana tokoa ny tenin’ny Tompo, mikasika an’izany hoe, tsy manaraka ny sitrapony izany. Andeha anie hiverenana vakiana e : *« Tsy izay rehetra manao amiko hoe: Tompoko, Tompoko, no hiditra amin’ ny fanjakan’ ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon’ ny Raiko Izay any an-danitra. Maro no hanao amiko amin’ izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin’ ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin’ ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin’ ny anaranao va izahay? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory hianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, hianareo mpanao meloka ».* Maniria haminany marina satria marina ny Tompontsika.

Fa eto am-pamaranana ry havana dia hitodika manokana aho amin'ireto mpitendry zava-manenon'ny Fiangonana ireto isika, satria moa androany dia alahadin-dry zareo. Ao amin'ny Baiboly ao, ny mozika dia mamelona ny aingam-panahin'ny mpaminany. Andeha anie ho vakiana ny **1 Samoela 10 :5** : *« Rehefa afaka izany, dia ho tonga any Gibean' Andriamanitra hianao, izay misy miaramilan' ny Filistina; ary rehefa tonga ao an-tanàna hianao, dia hifanena amin' ny mpaminany maro irai-dia midina avy ao amin' ny fitoerana avo mitondra lokanga sy ampongatapaka sy sodina ary valiha eo alohany, dia haminany ireo »*. Ao koa ny tantaran'i Davida sy ny valihany : tsy nampiasa an'izany ho fitadiavam-bola loatra akory i Davida, fa nataony ho fahafinaretany sy fialam-boliny ny zava-maneno. Namoronany Salamo marobe koa, izay nanehoany ny fihetsem-pony ny Salamo sy ny fitendrena ny valiha. Fa misy tantara mahavariana mikasiaka an'i Davida sy io valihany io, dia ny nampiasany izany ho entina manasitrana aretina. Ao amin'ny **1 Samoela 16 :14-23 :** *« Fa ny Fanahin' i Jehovah efa niala tamin' i Saoly, ary nisy fanahy ratsy avy tany amin' i Jehovah nampahatahotra azy. Ary hoy ny mpanompon' i Saoly taminy: Indro, ankehitriny misy fanahy ratsy avy any amin' Andriamanitra mampahatahotra anao. Aoka ny tomponay ankehitriny handidy anay mpanomponao izay eto anatrehanao, dia hitady olona mahay mitendry lokanga izahay; ary rehefa misy fanahy ratsy avy any amin' Andriamanitra tonga aminao, dia hitendry amin' ny tànany izy, ka dia ho tsara ihany hianao. Ary hoy Saoly tamin' ny mpanompony: Mizahà ary olona izay mahay mitendry tsara, ka ento etỳ amiko. Dia namaly ny anankiray amin' ny zatovony ka nanao hoe: Indro, ny anankiray amin' ny zanak' i Jese Betlehemita no hitako mahay mitendry, sady lehilahy mahery sy mpanafika izy ary mahay mandaha-teny sy lehilahy tsara tarehy, ary Jehovah momba azy. Ary Saoly dia naniraka tany amin' i Jese ka nanao hoe: Iraho hankatỳ amiko Davida zanakao izay miandry ondry. Ary Jese naka mofo tokony ho zakan' ny boriky iray sy divay iray siny hoditra sy zanak' osy, ka nampitondrainy an' i Davida zanany ho an' i Saoly ireo. Ary Davida tonga tany amin' i Saoly ka nitoetra teo*

*anatrehany; ary tiany indrindra izy, ka dia tonga mpitondra ny fiadiany. Ary Saoly naniraka tany amin' i Jese nanao hoe: Masìna hianao, avelao Davida hitoetra eo anatrehako, fa efa mahita fitia amiko izy. Ary raha nisy fanahy avy tany amin' Andriamanitra tonga tao amin' i Saoly, dia noraisin' i Davida ny lokanga ka notendren' ny tànany; ka dia velombelona sady nanaritra Saoly, ary ny fanahy ratsy niala taminy »*.

Ry mpitendry zava-maneno malala, 45 taona nitendrena : ianareo no mpaminany mitarika ny olona amin'ny fiderana tsara an'Andriamanitra ; mitarika ny olona hanambara ny asan'Andriamanitra ; mitarika ny olona hanambara ny fitiavan'Andriamanitra ; mitarika ny olona hanambara ny fahasoavan'Andriamanitra. Aza mandrarak'ilo mby an-doha fa tanteraho amin'ny fifaliana ny asanareo, tanteraho amin'ny fanetren-tena ny zara fanompoanareo. Ny fitendrenareo ny lokanga no hanasitrana ny aretin'ny maro ; koa aza malaina, fa mazotoa hatrany.

Ry Fiangonana malala, efa nomena anao ny fanomezam-pahasoavana mifanaraka amin'ny maha-izy anao, dia ataovy amin'ny fifaliana ny zara fanompoanao. Amena